# FILAZANA HO AN'NY MPANAO GAZETY

- VATSIMPIANARANA RCR -

Antananarivo, faha 24 Aprily 2024

**Ny Antoko RCR-TOLONA dia ny manomana lanonana hanolorana ny "Vatsimpianarana RCR" ho an'ny mpianatry ny ambaratonga ambony eto Madagasikara**

Antananarivo, Madagasikara – Faly ny Antoko RCR-TOLONA mampahafantatra momba ny lanonam-panolorana "Vatsimpianarana RCR" ho fanohanana ny fampianarana eny amin'ny Oniversite eto Madagasikara. Dingana iray lehibe io lanonana io ary mampiseho ny fahavononan'ny Antoko RCR hanampy hatrany ny mpianatra eny amin'ny ambaratonga ambony mba hanohy ny fianarany.

Ny RCR-TOLONA, tarihin'Andriamatoa Laza Razafiarison dia antoko politika malagasy mandala ny firehan-kevitra "Consciencisme" na Fahatsiarovan-tsaina ary mivoy ny tokony hanovana ny rafitra hitantanana an'i Madagasikara, anisan'izany ny rafi-pampianarana. Mikatsaka hatrany ny hametrahana politika hanatsarana ny fiainan'ny olom-pirenena eo amin'ny lafiny rehetra ny Antoko RCR-TOLONA. Hoy tokoa i Laza Razafiarison filoha nasionalin'ny RCR : "Tokony homena sehatra ireo olom-pirenena vonona hiasa ho an'ny firenena, dia ireo izay manana fahendrena sy mahitsy"

Amin'ny maha antoko politika ny RCR-TOLONA dia anisan'ny Soatoavina fototra ny famporisihana ny olom-pirenena handray andraikitra. Porofon'izany ny lamin'asa notanterahina teo anivon'ny Vaomiera Fanabeazana sy Fiofanana tarihin'Andriamatoa Harry Rakotomanga. Io hetsika io dia niantomboka tamin'ny vina sy fiaraha-miombon'antoka noeritreretin'ny mpikambana iray izay naniry hanohana manokana ny mpianatra malagasy sahirana. Noho ny fahalalahan-tanany sy ny faniriany mafy hanampy ny tanora malagasy dia nitady hevitra izy mba hahazoana manangom-bola hamatsiana ireo mpianatra mendrika eny amin'ny oniversite. Vetivety dia nahasarika mpikambana hafa teto an-toerana sy tany ivelany io hetsika io.

Amin'ity andiany voalohany ity dia mpianatra 18 aloha no handray fanampiana 120 000 Ar isam-bolana mandritra ny taom-pianarana iray manontolo. Marihina moa fa niisa 896 ireo nanao ny fangatahana tany am-boalohany.

Fotoan-dehibe tokoa ity lanonana ity ho an'ilay "tsy nitonona anarana" niandohan'ny hetsika vatsimpianarana sy ho an'ny Vondrona Fanabeazana sy Fiofanana eo anivon'ny Antoko RCR ary koa ho an'ireo mpamatsy vola hafa rehetra. Noporofoin'io hetsika io fa mandray anjara mavitrika amin'ny fanatsarana ny fiainan'ny olom-pirenena ny mpikambana sy ny mpanohana ny Antoko RCR.

Ireo marefo ara-pivelomana nefa mendrika moa no tena kendrena amin'ny "Vatsimpianarana RCR" ary izany dia mba hahafahan'izy ireo mifantoka sy manohy ny fianarany na dia ao anatin'ny sarotra aza.

Notanterahina ny Alarobia faha-24 Aprily 2024 teto amin'ny Motel Anosy, Antananarivo, ny lanonam-panolorana ny "Vatsimpianarana RCR" ary hotronin'ny solontena avy amin'ny Antoko RCR, ny malala-tanana, ny mpampianatra ary ny mpianatra izay hisitraka.

Raha liana te hahafantatra misimisy kokoa ianao momba ny "Vatsimpianarana RCR" dia azonao ato ny mifandray amin'Andriamatoa Harry Rakotomanga amin'ny mailaka edufor@rcr-tolona.org na Whatsapp +974 5520 2169

--------------------------------

**Ny mombamomba ny Antoko RCR :**

Ny Antoko RCR dia mandala ny firehan-kevitry ny Fifohazan-tsaina na « Consciencisme » ary mivoy ny tokony hanovana ny rafitra misy eto Madagasikara, ka anisana'izany ny rafi-pianarana.» Miezaka mikatsaka ny fomba hanatsarana ny fiainan'ny olom-pirenena malagasy amin'ny lafiny rehetra ny Antoko RCR hatramin'ny niforonany.

**Raha mila fanazavana mahakasika ny RCR :**

Flyers concernant RCR : 2024_Flyers RCR_FES_EISA.pdf

Tranokala : rcr-tolona.org

Sarin'ny lanonana : https://flic.kr/s/aHBqjBnAZn